


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fampitoviana ny TYena amin'i Jesosy

Aoka isika hanatona ny Toerana Masina Indrindra



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Nanoratra ho an'ny fiangonana tany Efesosy i Paoly (ary ho antsika, koa):

> "Fa Andriamanitra, Izay manan-karena amin'ny famindram-po, noho ny halehiben’ny fitiavany izay nitiavany antsika, na dia fony mbola matin’ny fahadisoana aza isika... dia nahavelona antsika niaraka tamin’i Kristy ary niara-natsangany isika ka niara- napetrany any an-danitra ao amin’i Kristy Jesosy.” (Efesiana 2:4–6)

Mariho ireto dingana telo ireto amin’ny hoe fahafantarana fa miaraka amin'i Jesosy. Voalohany, natao velona isika; faharoa, nasandratra, na natsangana amin’ny maty isika; ary, fahatelo, niara-mipetraka Aminy isika. Mipetraka eo amin’ny seza fiandrianana i Jesosy . Noho izany, inona àry no dikan’ny hoe hiara-mipetraka Aminy isika? Midika hoe hipetraka eo amin’ny seza fiandrianana, mizara ny seza fiandrianana Aminy.

Rehefa takatsika ny fahafantarantsika fa ao amin’i Jesosy, dia asaina isika hanaraka Azy hatrany. Izy no “làlana vaovao sady velona” (Hebreo 10:20). Afaka miara-miaina Aminy isika, afaka miara-mitsangana Aminy. Tsy mila mijanona eo anefa isika. Afaka miara-mipetraka Aminy amin’ny seza fiandrianana isika.

Amin’ny fampiasana ny lamin’ny tabernakely, dia mino aho fa ny efitra lamba voalohany dia maneho ny fiombonantsika amin’ny fitsanganan’i Jesosy tamin’ny maty. Ny efitra lamba faharoa dia mitarika mankany amin’ny Fitoerana Masina Indrindra dia maneho izay hidirantsika amin’ny alalan’ny fandraisana anjara amin’ny fiakaran’i Jesosy. Tsy nitsangana tamin’ny maty fotsiny i Jesosy, fa, natsangana, ho any an-danitra koa Izy, ho eo amin’ny seza fiandrianana. Ary izany no tian’Andriamanitra hisy antsika. Tsy tian’Andriamanitra hijanona vetivety amin’io làlana vaovao sy velona io isika mandra-pahatongantsika any amin’ny Fitoerana Masina Indrindra, izay iombonantsika amin’ny

© 2008 - Dries Du Plessis

seza fiandrianana amin’i Jesosy — mipetraka miaraka Aminy any an-danitra. Izany no toerana halehantsika.

Andao ataontsika ho vahaolana ny tsy hijanona anoloan’ny toerana izay tian’Andriamanitra hahatongavantsika.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa afaka manatona Anao amin’ny ran’i Jesosy aho. Manambara aho fa tsy hitsahatra anoloan’ny toerana izay tian’Andriamanitra halehako. Hanatona ny Fitoerana Masina Indrindra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-319-MLG
Nohavaozina farany: 16 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

